Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 23/11/19 hatramin'ny 30/11/19

- **PERGOLA** (Antaninarenina) Tél. 020 22 237 17
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) Tél. 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) Tél. 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) Tél. 020 22 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) Tél. 020 22 347 12/034 21 111 14
- **NANISANA** (Route de Nanisana) Tel 020 22 520 29/ 032 03 520 29/ 034 05 750 29

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY MATEX Imprimerie

Fametrahana 988-11-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

RAHARAHAM-PIRENENA

Atao izay hahavery dia ny vahoaka noho ny fangirifiriana sosialy

Mihazakazaka sahady ny fidangan'ny vidin-javatra amin' izao fotoana izao, mbola tsy mifarana akory ny volana novambra ary tsy mbola miditra amin'ny volana desambra, izay mamofompofona fety krismasy sy faran'ny taona. Izao sahady dia efa mitombo hatrany amin'ny 2 000 Ar ny fidangan'ny vidin-tsakafo fanjfan'ny mponina andavanandro. Hitanisa kely sasantsany isika : raha 13000 Ar ny vidin'ny hen'omby teo aloha dia lasa ho 15000 Ar izany ankehitriny ; ny atikena dia tafakatra hatrany amin'ny 19000 Ar ; ny henakisoa 13000 Ar ; ny tongotr'omby 7000 Ar ny tongodavany iray ; ny legioma miaka-bidy avokoa ; ny saribao fandrehitra fandrahoan-kanina dia miziriziry amin'ny vidiny ambony dia ambony 22000 Ar, na misy mbola mihoatra an'izany aza, sns... Mbola hanaradia ireo ny sakafo fanjifa hafa ato ho ato. Efa nambara teto amin'ny gazety fa ho mafy dia mafy ny fidangan'ny vidim-piainana hiditra ny volana desambra sy mandray ny taom-baovao. Vao mainka hijaly sy hangifiry mafy ara-tsosialy araka izany ny vahoaka Malagasy ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao, izay variana tanteraka amin'ny resaka kajikajy politika hatrany.

Tsy manana vahaolana matotra nisorohana izany ny fitondrana, fa hilalao tanana, na ho be vava fotsiny amin' ny haino aman-jery toy ny nataony tamin'ny alatsinainy 25 Novambra lasa teo. Mahavariana fa ny hafa hatrany no omena tsiny sy tsikeraina ho mpanakana ny fampandrosoana eto. Aoka hazava, fa tsy misy fiantraikany mihitsy amin'ny fangirifirian'ny vahoaka ara-tsosialy toy izany ny fihazakazahana hametraka jiro hampamirapiratra ny araben'ny fahaleovantena hiatrehana ny fetin'ny krismasy sy faran'ny taona sy taom-baovao. Sady zavatra vitan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy efa fanaony isaky ny fety izany, ka tsy dia ilana fitsabahan'ny fitondrana loatra, na izany aza, tsy ranon'Ikopa ny CUA, ka ho tonga namana vao ho mavomavo. Resaka mirefarefa izany fifaninanana amin'ny CUA izany ary tena fanaovana ny vahoaka Malagasy ho toy ny bado na zazabodo, omeny vatomamy hangina rehefa mitomany, na ampiesonina amin'ny resaka mampandry adrisa. Miendrika fanesoana ihany koa aza ny fitenenana ny hankanesany, izy sy ny zanany vavy ho any amin'ny KFC hisakafo rehefa tonga eto Madagasikara ny zanany. Ny vahoaka maro an'isa aza ity sahirana amin'ny hanina hohaniny isan'andro, ary efa fanambinan'Andriamanitra lehibe mihitsy tsindraindray, mahalana dia mahalana, vao mahita sy mihinana sakafo tsaratsara kely sy mba misy kalitao sy habetsahana. Tsy ny sara-mbabembahoaka velively no afaka hihinana amin'ny toerana ana orinasa iraisam-pirenena toy izany no-ho ny vidiny, sa hisy "akoho mora" koa ao amin'izany toeram-pisakafoanana izany? Ezahin-dRajoelina izay hahavery dia ny vahoaka Malagasy miditra ao anaty fahasahiranana mafy ara-tsosialy izao.

Sôh'son

Vita ny fifidianana

Lany vola ny fanjakana sy ny mpiara-dia aminy

Nirarakopana ny vola nampiasain'ny kandidam-panjakana, nanomboka tany amin'ny fifidianana filoham-pirenena, hatraty amin'ny fifidianana Solombavam-bahoaka sy ny Ben'ny Tanàna. Tena natao fafikatrana ary namoahana vola tsy fanta-pihaviana fa indrindra ny TGV, ny IRD sy ny IRK. Tsy azo lavina fa manana ny ampy tokoa izy ireo (vola avy aiza?), fa na inona na inona lazaina dia nisy volam-bahoaka nampiasaina nandritra ireny fampielezan-kevitra ireny. Sarotra inoana fa miliardera avokoa ireo kandida narotsany, ka afaka nanaparitaka vola tsy toko tsy forohana. Mamy tokoa ny te hahazo seza, mba hitsetsefana ny harem-pirenena rehefa avy eo. Rehefa azo izay ilainy dia ny vaton'ny mpifidy izany, mandainga izay milaza fa tena hiasa ho an'ny tombontsoam-bahoaka ireny olona ireny rehefa mahazo toerana. Raisina ohatra ireo solombavambahoaka avy amin'ny TGV/IRD/MAPAR, milaza ho maro an'isa etsy amin'ny Lapan'i Tsimbazaza. Inona no mba vitan'izy ireo tao nandritra izay nahalany azy ireo izay ? Alaim-panahy ny rehetra fa efa ritra ny volam-bahoaka satria lany tamin'ny fampielezan-kevitra, ka hanao fanambarana indray atsy ho atsy ny filoham-pirenena , amin'ny fiandohan'ny taona 2020 io ,mba hamehezan'ny vahoaka fehikibo satria handalo fotoan-tsarotra ny firenena . Hampihena fandaniana ny fanjakana, ka tokony hiandry am-pahatoniana ny Malagasy amin'ny fanohizana ny Velirano nanomezana toky. Ny tao ambadik'izay anefa dia efa tapitra tamin'ny fampandaniana kandida IRD/IRK maro nanerana ny Nosy ny volam-panjakana. Nampiasaina tamin'ireny tokoa mantsy, ankoatra ny vola, ireo fitaovam-panjakana sy ireo olom-panjakana isan-tsokajiny ary tsy takona nafenina izany. Tsy hiasa maina ireny olona ireny, fa tsy maintsy voatsipitsipin'ny mpitondra ao ambony ao. Ny vola ihany no nampiasain'izy ireo nampandaniana ireo kandidany sy nividianana ankolaka ny safidin'ny mpifidy ary ireo sampandraharaha nisahana ny fifidianana sasantsasany. Misy farany raha jiaby,…

Rajaonarimpanontsana

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 301



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0300)

Mitsivalana

- Tranonay
- Aina – Ma
- Tay
- Tsaraina
- Kitoatoa (Miv)
- Rariny
- Afin(a)

Mitsangana

- Tantara
- Ry – Soa
- Angatra
- Na – Ray
- Taona
- Fitia (Miv)
- Aminy
- Ia – Naka (Miv)

TENY MIFANAPAKA N° 301



Mitsivalana

1. Iray amin'ireo faritra **2.** Nidaboka eo am-pandriana – Bibikely (Miv) **3.** Hazan-drano – Mpanoritra anarana **4.** Tsara sy kanto – Zanak'i Dada – Nodimandry (BR) **5.** Metaly (Miv) – Tale jenerala – Omby **6.** Mpanondro tsy hita maso – Fanitarana **7.** Be taona (BR) **8.** Vanim-potoana **9.** Anaran-tanàna (Miv) **10.** Mitempo – Tsirinteny Iharana – Menaka

Mitsangana

A. Zava-maranitra – Dio (Miv) **B.** Navotana **D.** Fanafohezana ny Andriamatoa – Foto-tenin'ny manotra **E.** Anelanelan'ny olona – Marika (Miv) **F.** Olo-meloka (Miv) – Fonenana (BR) **G.** Maneho fitoviana – Solontena **H.** Lalam-pirenena – Faran-teny **I.** Kianteny – Tovona – Loko mavo **J.** Voankazo – Naoty (Miv) **K.** Nahatazana (BL) – Lavon'ny toaka

Valiny Teny mifanaraka 0300

Mitsivalana

1. Fihavanana **2.** Aro - Ilay **3.** Amboara - TN **4.** Niad(y) - (F)onosy **5.** Ankaratra **6.** Ana - TV **7.** Ambadikao **8.** Noa - Akaiky **9.** Kamo - Sa **10.** Hitazanako (Miv)

Mitsangana

A- Fianaranao **B.** Min(o) - (Ma)mo **D.** Habakabaka **E.** Arodana - AN **F.** Voa - Radama **G.** Roa - Zoky (Miv) **H.** Niantoka **I.** La (Miv) - Ro (Miv) - Tsia (Miv) **J.** Natsatokay **K.** Ainy